



KAOMININA MENDRIKA salama

**Boky
fanentanana
Fahasalaman'ny
ZAZA**



Reproduit avec l'assistance technique et financière de : USAID/Santenet2



FAMPIASANA NY BOKY FANENTANANA

Rehefa vita ny arahaba sy ny fifanatsafana :

- Jerena ilay pejy mifanaraka amin'ny olona atrehina
- Hazonina mahitsy tsara ilay boky ary ezahina tsy hihetsika be loatra.
- Atao mitodika any amin'ny olona iresahana ilay sary
- Afantoka amin'ny sary ny dinidinika
- Apetraka ny fanontaniana hanampy ny olona iresahana hamoaka ny hafatra tiana hampitaina
- Angatahana handravona ny hafatra fototra ny olona iresahana

Miara mametraka fotoana manaraka raha ilaina, misaotra ary manao veloma.





NY VAKSINY

Ry Ray aman-dreny, vitao alohan'ny faha-herintaonan'ny zanakao ny andiam-baksiny 5 hiarovana azy amin'ny areti-mifindra 9 mpahazo sy mahafaty ny zaza.

TOMBONTSOA

Raha tontosa alohan'ny faha-herintaona ny vaksiny 5 dia ho voaro amin'ny aretina 9 mety hahafaty azy ny zaza

Hahazo diploma ny zaza rehefa vita ny vaksiny 5.

Maimaimpoana ny fanaovana ny andiam-baksiny 5 hiarovana ny zaza eny amin'ny tobim-pahasalamana manerana ny Nosy.

FANAMPIM-PANAZAVANA

HETSIKA 159

Vita alohan'ny faha-1 taonan'ny zaza ny vaksiny rehetra

Mora tanterahana satria manatona in-5 eny amin'ny tobim-pahasalamana :

- Vao teraka
- Rehefa feno 1 volana sy tapany
- Rehefa feno 2 volana sy tapany
- Rehefa feno 3 volana sy tapany
- Rehefa feno 9 volana

Miaro ny zaza amin'ny aretina 9 mahafaty

- Tiberkilaozy (Tuberculose)
- Difteria (Diphtérie)
- Kohadavareny (Coqueluche)
- Tetanosy (Tétanos)
- Lefakozatra (Poliomyélite)
- Aretinaty B (Hépatite B)
- Kitrotro (Rougeole)
- Meninzita (Méningite)
- Pneumonia (Pneumonie)



Famintinana :

- Alohan'ny faha-1 taonan'ny zaza
- Fiverenana in-5
- Miaro amin'ny aretina 9

Mba fantatrao ve fa :

- Tsaratsara kokoa ny misoroka toy izay ny mitsabo, fa ankoatra ny fandanium-bola dia eo koa ny fahasahiranana sy ny tebiteby.
- Ny fanaovam-baksiny ny zaza dia mampitombo ny hery fiarovana ao aminy ho entiny manohitra ny areti-mifindra mpahazo ny zaza.
- Fahafatesan-jaza 1 ao anatin'ny 4 no mety ho voasoroka amin'ny alalan'ny vaksiny.

Maimaimpoana ny vaksiny !



Tobim-pahasalamana _____ N° _____

ARAHABAINA!

Ny zaza _____

zanak' i _____

monina ao _____

dia **Vita Vaksiny tanteraka**
talohan'ny faha-herintaonany.
Zaza nahazo fiarovana azo antoka

Ny tompon'andraikitra ny Fahasalmana

NY VAKSINY (TOHINY)

Indreto misy hetsika hanampy anao amin'ny famitana tanteraka, alohan'ny faha-1 taonan'ny zaza ny andiam-baksiny **5**, miaro azy amin'ny aretina **9** mpahazo sy mahafaty ny zaza (**159**)

SAINAM-BAKSINY

Saina famantarana atsangana eny amin'ny Tobim-pahasalamana sy eny an-tsekoly ho fanairana sy fampiomana ny olona hitondra ny zaza ho atao vaksiny :


- **Telo andro mialoha** : saina telozoro 3 miloko maitso - manga - mavo
- **Roa andro mialoha** : saina telozoro 2 miloko manga ary mavo
- **Iray andro mialoha** : saina telozoro miloko mavo
- **Amin'ny andro fanaovam-baksiny** : saina fotsy misy sarin'olona 3 mianaka voafaritra ao anaty faribolana mena, misy soratra hoe : **Vaksiny Anio**

Ny sainam-baksiny dia fanairana sy fampahafantarana ny olona fa hisy fanaovam-baksiny eo amin'ny tanàna misy azy.

Hatsangana eny amin'ny Tobim-pahasalamana sy ny sekoly ny saina mba hiomanan'ny olona amin'ny andro fanaovam-baksiny.

DIPLAOMAM-BAKSINY

- Ny Diploma dia omena ny zaza nahavita ny vaksiny rehetra alohan'ny faha herintaonany.
- Ny fananan'ny zaza diplaomam-baksiny dia marika fa efa voaro amin'ny aretina mpahazo sy mety hahafaty azy izy.
- Manambara fa tanteraky ny Ray aman-dreny tsara ny **159**.
- Io no diploma voalohany azony eo amin'ny fiainany.



FAMPINONOANA RAHA VAO TERAKA

Ry Reny, omeo nono avy hatrany ny zanakao raha vao teraka hiarovana azy amin'ny aretina samihafa.

TOMBONTSOA

a- ho an'ny zaza

Ny **nonon-dreny** dia **sakafo feno** sy **mitondra hery fiarovana** ho an'ny zaza vao teraka :

- Ny ronono voalohany na ranom-batsy no ahazoan'ny zaza vaksiny voalohany satria mitondra hery fiarovana sy tanjaka ho an'ny vatana
- Io ranombatsy io dia manadio koa ny vavony sy ny lalan-kanin'ny zaza
- Sakafo ara-boajanahary, miantoka ny fahasalaman'ny zaza
- Tonga dia vonona, tsy vidim-bola

b- ho an'ny reny

- Miaro amin'ny fahaverezan-drà
- Mampiakatra avy hatrany ny nono
- Manamafy ny fifandraisana am-po eo amin'ny reny sy ny zaza

FANAMPIM-PANAZAVANA

- Ilaina ny mamela ho ritra tsara ny nono iray vao manome ny nono ilany isaky ny mampinono satria :
- Ny **voaloha-nono** dia mitondra rano manala hetaheta ny zaza
- Ny **fara-nono** kosa dia misy ny **sakafo feno** sy **be otrikaina** izay ilain'ny zaza amin'ny fitomboany
- Mahatsara ny fahasalaman'ny reny ny mihinana sakafo fanampiny ankoatry ny mahazatra rehefa mampinono izy.
- Tokony im-polo farafahakeliny ny zaza no minono ao anatin'ny iray andro.


Fiomanana tokony hatao alohan'ny hampinono ny zaza :

Mipetraka araka izay mety mampahazo aina azy ny Reny, ary manaraka an-tsakany sy andavany ireto toromarika ireto :

- Atao manoloana ny nono ny tarehin'ny zaza
- Tazonina ny nono ary atao misalaka ny lohanono ny rantsan-tànana ka ny ankihibe no atao ambony amin'izany
- Fadina ny manery ny lohanono amin'ny fanondro roa
- Akasoka amin'ny lohanono ny molotr'ilay zaza mba hahatonga azy hanokatra ny vavany.

Ilàna ireo fiomanana ireo avokoa ny fampinonoana zaza misakelika, mipetraka ary mandry miorirana voalaza ao amin'ny Pejy 10.









NONON-DRENY IHANY HATRAMIN'NY FAHA-6 VOLANA


Ry Reny, nono fotsiny ihany omeo ny zanakao isaky ny mitady na andro na alina hatramin'ny faha-6-bolany, im-10 farafahakeliny, mba hiakaran'ny nononao tsara ary hitomboan' ny zanakao ara-dalàna.

TOMBONTSOA	
<p>a- ho an'ny zaza Ny nonon-dreny dia :</p> <ul style="list-style-type: none"> • Mitondra hery fiarovana sy miantoka ny fahasalaman'ny zaza • Sakafo feno hery sy ampy ho an'ny zaza hatramin'ny faha-6-bolana • Miantoka ny fitomboany ara-batana sy ny fivelarany ara-tsaina • Tonga dia vonona, tsy vidim-bola 	<p>b- ho an'ny renny</p> <ul style="list-style-type: none"> • Miaro amin'ny fahaverezan-drà • Manamafy ny fifandraisana am-po eo amin'ny renny sy ny zaza • Miaro ny renny tsy ho bevohoka raha nonon-dreny ihany no omena ny zaza ka mahafeno ny fepetra telon'ny MAMA : nonon-dreny fotsiny no omena ny zaza, latsaky ny enim-bolana ny zaza ary tsy mbola niverina ny fadimbolana.

FANAMPIM-PANAZAVANA	
<p>Fomba 3 fampinoana tsy mandreraka ny renny ary mahaso ny zaza :</p> <div style="display: flex; align-items: center;">  <p>Ny mampino misakelika dia tsara ho an'ny renny nodidiana teo ampiterahana, na marary loha-nono na teraka kambana.</p> </div> <p>Mipetraka tsara aloha ny renny, ary tazonina ambany helika ny zaza izay apetraka ambony ondana. Eo amin'ny tehezana ny renny no misy ny zaza ka atao manatrika ny nono ny lohany.</p> <div style="display: flex; align-items: center;">  <p>Ny mampino mipetraka dia mahazatra ny renny Malagasy. Kajio mba hifanatrika tsara ny zaza sy ny renny ary hitohoka tsara amin'ny kibon'ny reniny ny kibon'ny zaza.</p> </div> <p>Mampino mandry miorirana</p> <div style="display: flex; align-items: center;">  <p>Fomba fampinoana mam-pahazo aina ny renny indrindra aorian'ny fiterahana satria ahafahany miala sasatra tsara, rehefa mampino amin'ny alina. Afaka mampiasa ondana ny renny mba hano-hanana ny lohan'ny zaza.</p> </div>	<p>Fampinoana mahomby :</p> <p>Fomba finonoan'ny zaza :</p> <ul style="list-style-type: none"> - Ataovy manoloana ny nono ny tarehin'ny zaza - Hitohoka tsara amin'ny nono ny oron'ny zaza ary hisokatra tsara ny vavany - Hiendrika vavan-trondro ny molotry ny zaza rehefa minono izy - Ho tafiditra tsara ao am-bavan'ny zaza ny faritra matroka amin'ny nono <p>Inona avy no fambara fa mahomby ny fampinoana ?</p> <ul style="list-style-type: none"> - Miadana tsara ny finonoana ary manaraka gadona : mitsentsitra in-2 dia mitelina indray mandeha - Mahare ny fiteleman'ny zaza ny renny - Mihamalemy ny nono aorian'ny fampinoana <p>Ahoana no ahafantarana fa ampy tsara ny zaza ny nono laniny ?</p> <ul style="list-style-type: none"> - Mandena in-6 na im-8 tontolo andro sy alina ny zaza - Mikakà matetika - Mitombo tsara ary mavitrika ny zaza







SAKAFON'NY ZAZA 6 VOLANA KA HATRAMIN'NY 1 TAONA

Ry Reny, hampitombo tsara ny zanakao manomboka ny faha-6-bolany :

- atombohy omena sakafo hafa ahitana voankazo sy legioma in-3 isan'andro izy ary ampiana menaka eran'ny sotro na voanjo voatoto na patsa
- tohizo hatrany ny fampinonoana azy, farafahakeliny im-8 isan'andro.

TOMBONTSOA

Ny fanatsarana ny sakafon'ny zaza 6 volana ka hatramin'ny 1 taona dia :

- Manampy ny nonon-dreny hahafeno ny filàn'ny zaza
- Miantoka ny fitomboan'ny zaza ara-batana
- Miantoka ny fivelaran'ny zaza ara-tsaina
- Mitondra otrikaina fanampiny ho an'ny fitomboan'ny zaza

FANAMPIM-PANAZAVANA

Fampidirana sakafo vaovao ho an'ny zaza

Alohan'ny faha-6-bolany dia sakafo ampy ho an'ny zaza ny nonon-dreny. Manomboka eo amin'ny faha-6-bolany kosa dia mila sakafo hafa ankoatry ny nonon-dreny ny zaza mba hitomboany sy hivelarany tsara, tsy manafaoana ny mahasarobidy ny nonon-dreny anefa izany, mba ho salama sy hatanjaka hatrany izy.

Mila sakafo in-3 isan'andro toy ny kobam-bary marihitra na ovy nopotserina ny zaza. Hatsaraina hatrany amin'ireo karazan-tsakafo voalaza ao ambadika ny sakafony. (Pejy : 13)
Atao marihitra ny sakafo omena ny zaza fa tsy mitsiranoka loatra hahabe ny hery azon'ny zaza sy hampitombo azy tsara.

Tohizana hatrany ny fampinonoana

Miandalana sy tsikelikely ny fampidirana ireo sakafo omena ny zaza ireo. Tohizo hatrany ny fampinonoana azy fa sarobidy ny nonon-dreny ho an'ny fahasalaman'ny zaza.


Lovia manokana ho an'ny zaza

Hahafahana manara-maso ny fatran-tsakafo lanin'ny zaza dia loary anaty lovia mitokana ny sakafony. Ampitomboy tsikelikely araka ny filany izany fa izay no hahatomombana ny fitomboany ara-batana.







Fomba fanomezana sakafo sy fatran'ny sakafon'ny zaza


Mila faharetana ny mampisakafo ny zaza : tambatambazo izy hahalaniany ny anjara sakafony. Toy izao ny fatran-tsakafo sahaza isaky ny mihinana :

- 6-9 volana : vary in-2 sotro lehibe miampy laoka 1 sotro lehibe
- 9 volana-1 taona : vary in-4 sotro lehibe miampy laoka 2 sotro lehibe



Ampiasao izay karazan-tsakafa hita eo an-toerana

<p>Foto-tsakafa</p>	
<p>Kobam-bary - Koban-katsaka - Ovy nopotserina</p>	<p>Fanatsarana sakafa</p>
<p>Anana sy Legioma</p>	
<p>Voankazo</p>	
<p>Menaka - Atody - Hena</p>	
<p>Voamaina isan-karazany nopotserina (tsaramaso- soja) Voanjo</p>	
<p>Trondro - Pirina - patsa</p>	



SAKAFON'NY ZAZA 6 VOLANA KA HATRAMIN'NY 1 TAONA (TOHINY)

Ry Reny, hitomboan'ny zanakao tsara manomboka amin'ny faha 6-bolany ka hatramin'ny 1 taonany, ankoatry ny fampinonoana :

- omeo kobam-bary na koban-katsaka na ovy nopotserina ho foto-tsakafony izy
- hatsarao amin'iray na maromaro amin'ireto araka izay hita eo an-toerana ny sakafony :
 - Anana sy legioma
 - Menaka - hena - atody
 - Voamaina isan-karazany nopotserina (tsaramaso - soja), voanjo
 - Trondro - pirina - patsa
 - ary omeo voankazo koa ny zaza

TOMBONTSOA

Ny zaza tsara tohana ara-tsakafo dia mitombo tsara ara-batana sy mivelatra ara-tsaina ary manana hery hiarovana amin'ny aretina.

FANAMPIM-PANAZAVANA

Atahorana ve raha miova ny fivalanan'ny zaza rehefa misakafo izy ?

Ara-dalàna izany ka tsy misy atahorana : tokony ho mafimafy miloko mavo ny fivalanany.

Inona no atao raha misy mibontsimbontsina mangidihidy na tandimerina ny zaza ?

Mety ho avy amin'ny sakafo tsy zakany izany. Aza omena azy intsony aloha ny sakafo mety nahatonga an'io.

Mba ahalalanao raha sendra misy sakafo tsy zakany dia atombohy tsirairay ny karazan-tsakafo hafa.


Ohatra : omeo sakafo iray izy mandritry ny 3 andro, rehefa zakany izany dia ovay sakafo hafa indray mandritry ny 3 andro manaraka. Ho hitanao amin'izany ny sakafo tsy zakany.


Inona no fitandremana manokana raha hikarakara sakafo ?

Ho fitsinjoana ny fahasalaman'ny mpianakavy sy ny zaza dia tsara ny :

- mitandro ny fahadiovan'ny sakafo sy ny rano fisotro
- mitandro ny fahadiovan'ny fitaovana ampiasaina, hikarakarana sy handrosoana ny sakafo
- manasa tàmàna mialoha ny hanomezana sakafo ny zaza

Aza adinoana ny fampinonoana ny zaza im-8 farafahakeliny isan'andro !





SAKAFON'NY ZAZA 1 TAONA KA HATRAMIN'NY 2 TAONA

Ry Ray aman-dreny, manomboka amin'ny faha-herintaonan'ny zaza (1 taona), omeo ny sakafon'ny mpianakavy in-3 isan'andro nohatsaraina sy ody ambavafo («goûter») in-2 isan'andro izy ankoatry ny nonon-dreny satria manampy amin'ny fitomboany ara-batana sy ny fivelarany aratsaina izany.

TOMBONTSOA

- Fitomboan'ny vatan'ny zaza ara-dalàna
- Fivelaran'ny sainy ara-dalàna
- Fahazoany otrikaina fanampiny ho an'ny fitomboany

FANAMPIM-PANAZAVANA

Fanatsarana ny sakafon'ny zaza

Mety amin'ny zaza ny sakafo fihinan'ny mpianakavy rehefa feno 1 taona izy, saingy mila otrikaina misimisy kokoa ny vatany satria mitombo izy, ka hatsarao araka izay zava-misy eo an-tanàna ny sakafony :

- ampiana menaka, na atody, na hena, na trondro, na legioma, na voanjo, na voamaina sy ny sisa
- omena izay voankazo misy

Lovia manokana ho an'ny zaza













Hahafahana manara-maso ny fatran'ny sakafo lanin'ny zaza dia loary anaty lovia mitokana ny sakafony. Ampitomboy tsikelikely araka ny filany izany fa izay no hahatomombana ny fitomboany ara-batana.


Sakafo fanampiny na ody ambavafo (goûter)

In-2 isan'andro araka izay sakafo tiany toy ny : mofo baolina, mofo gasy, akondro na voankazo miloko mavo mena (voasary, papay, kaki, manga).

Mila ody ambavafo ny zaza satria mbola kely loatra ny vavoniny ka mila mihinana matetika izy hahafeno ny filany sy hitomboany tsara.

Omeo nono isaky ny mitady hatrany ny zaza hatramin'ny faha-2 taonany farafahakeliny !

<h2 style="text-align: center;">Sakafo</h2>	<h2 style="text-align: center;">Ody am-bavafo (Fanampin-tsakafo)</h2>
<p>Foto-tsakafo</p> <p>Sakafon'ny Mpianakavy</p> 	<ul style="list-style-type: none"> ● Mofo baolina 
<p>Fanatsarana sakafo</p> <ul style="list-style-type: none"> ● Anana sy legioma 	<ul style="list-style-type: none"> ● Mofo gasy 
<ul style="list-style-type: none"> ● Voankazo 	<ul style="list-style-type: none"> ● Akondro 
<ul style="list-style-type: none"> ● Menaka-Atody-Hena 	<ul style="list-style-type: none"> ● Voasary 
<ul style="list-style-type: none"> ● Voamaina - Voanjo 	<ul style="list-style-type: none"> ● Manga 
<ul style="list-style-type: none"> ● Trondro-Pirina-Patsa 	



SAKAFON'NY ZAZA 1 TAONA KA HATRAMIN'NY 2 TAONA (TOHINY)

Ry Ray aman-dreny, ampio ny iray amin'ireto sakafo ireto ny sakafon'ny zaza satria mila omena otrik'aina misimisy kokoa ny vatany hitomboany tsara. Ovaovay araka izay azo atao.



Legioma



Voanjo



Hena



Atody



Voamaina



Voankazo



Menaka



Trondro

Ry Ray aman-dreny, omeo sakafo fanampiny na ody ambavafo («goûter») in-2 isan'andro ny zaza, toy ny :

- Mofo baolina
- Mofo gasy
- Akondro
- Voasary
- Manga



TOMBONTSOA

- Mazoto homana ny zaza
- Mitombo tsara ny vatany sy ny sainy
- Manana hery fiarovana izy hiatrehany ireo aretina


FANAMPIM-PANAZAVANA

Fomba fanomezana sakafo ny zaza 1 taona - 2 taona :


Mila faharetana ny mampisakafo ny zaza : tambatambazo izy mba hahalaniany ny anjara sakafony.

Toy izao ny fatran-tsakafo sahaza ny zaza 1 taona - 2 taona isaky ny mihinana :

- vary in-6 sotro lehibe miampy laoka 3 sotra







SAKAFON'NY ZAZA MARARY

Ry Reny, hanafaingana ny fahasitranany sy hahazoan'ny zanakao marary latsaky ny 6 volana hery dia :

- Tohizo sy ampitomboy ny fampinonoana azy
- Avelao haharitra eo amin'ny nono izy.

Ry Reny, hahazoan'ny zanakao mihoatran'ny 6 volana fahasalamana haingana sy hery dia tohano tsara ara-tsakafo izy :

- Tohizo ny fampinonoana azy
- Omeo sakafo miovaova araka izay tiany izy ary ataovy sakafo malemily.


Ry Reny, ampitomboy iray ny sakafon'ny zanakao mihoatran'ny 6 volana mandritra izy marary ary roa herinandro aorian'ny fahasitranany.

TOMBONTSOA


- Hahazo aina kokoa ny zaza marary ary hiverina haingana ny lanjany
- Hahazo hery hiatrehana ny aretina ny zaza
- Hiverina haingana ny heriny ary hitombo vatana sy saina ara-dalàna izy

FANAMPIM-PANAZAVANA

- Malain-komana ny zaza marary, indrindra ireo zaza mivalana, noho izany ilàna faharetana ny fampisakafoanana azy hampiverina haingana ny heriny
- Ovaovao koa ny fanampin-tsakafony araka izay tiany sy ny zava-misy eny antoerana







VITAMINA A SY PILOKANKANA HO AN'NY ZAZA

Ry Ray aman-dreny, hitomboany sy hananany hery hanoherany ny aretina, ento eny amin'ny Tobim-pahasalamana :

- ny zaza 6 volana - 5 taona hahazo VitA ;
- ny zaza 1 taona - 5 taona hahazo Pilokankana

TOMBONTSOA

Ny Vitamina A dia :

- manamafy ny hery fiarovana ho an'ny zaza hanoherana ny :
 - aretim-pivalanana - kitrotro
 - aretin'ny taovam-pisefoana
- miantoka ny fahasalamany sy ny fitomboany
- misoroka ny areti-maso sy ny tsy fahitana amin'ny takariva

Ny Pilokankana dia :

- mamono sy mamoka ny kankana ka manamora ny fitomboan'ny zaza
- miaro amin'ny tsy fahampian-drà eo amin'ny zaza
- manatsara ny fahazotoany misakafo

FANAMPIM-PANAZAVANA

Tsy misy atahorana ny fanomezana ny zaza Vit A sy Pilokankana miaraka.

Mifanandrify tsara ny fotoana hanomezana VitA sy Pilokankana izay atao isaky ny enim-bolana ho an'ny zaza.


Manomboka eo amin'ny faha-6 volan'ny zaza ny fanomezana Vit A.

Manomboka eo amin'ny faha-1 taona kosa ny Pilokankana.

Ankoatry ny Vit A sy Pilokankana dia omeo sakafo mitondra vy ny zaza fa ilainy amin'ny fitomboany ara-batana sy fivelarany ara-tsaina izany. Maro ny zavamisy eo an-toerana izay mitondra vy toy ny :


- Anana, legioma maitso
- Voamaina
- Hena
- Taovan-kena, ati-kena

Misy fizarana VitA sy Pilokankana ho an'ny zaza koa eny amin'ny tobim-pahasalamana sy ny toerana voatokana ho amin' izany isaky ny Herinandro ho an' ny fahasalaman' ny Reny sy ny Zaza (volana Aprily sy Oktobra).



Ireo sakafo mitondra Vit.A

• Ranom-batsy sy Nonon-dreny



• Anana miloko maitso



• Vomanga miloko mavo mena



• Legioma miloko mavo mena



• Voankazo miloko mavo mena




• Hazan-drano isan-karazany (trondro - pirina)



• Ati-kena



• Atody



• Sakafo vita avy amin'ny ronono



VITAMINA A HO AN'NY ZAZA (TOHINY)

Ry Reny, omeo sakafo mitondra Vitamina A ny zanakao hampitombo sy hahasalama azy tsara :

- ranom-batsy sy nonon-dreny, ka tohizana ny nonon-dreny hatramin'ny faha-2 taonany fara-fahakeliny
- anana maitso, vomanga miloko mavo mena, legioma sy voankazo mavo mena, hazandrano isan-karazany (trondro, pirina), ati-kena, atody, sakafo avy amin'ny ronono

TOMBONTSOA

Ny fanomezana Vitamina A ny zaza dia manome hery fiarovana amin' ny aretina ary manampy azy amin'ny fitomboany.

FANAMPIM-PANAZAVANA

Ny fotoana ahazoan'ny zaza Vitamina A eny amin'ny Tobim-pahasalamana dia ireto manaraka ireto :

- o Fizahana raha sendra aretina ka hitan'ny mpitsabo fa mila izany
- o Mandritry ny Herinandro ho an'ny fahasalaman'ny Reny sy ny Zaza (Volana Aprily sy Oktobra).

Sakafo mitondra Vitamina A :

- o Ranom-batsy sy nonon-dreny
- o Anana maitso
- o Vomanga mavo mena
- o Legioma miloko mavo mena : voatavo, karôty
- o Voankazo mavo-mena: manga, papay, kaki
- o Hazan-drano isan-karazany: trondro, pirina
- o Ati-kena
- o Atody
- o Sakafo vita amin'ny ronono



FAMBARAN'NY TAZOMOKA TSOTRA SY NY FIHETSIKA TOKONY HO ATAO MIFANARAKA AMIN'IZANY

Ry Ray aman-dreny, ento haingana eny amin'ny mpanentana ara-pahasalamana eny anivon'ny fiaraha-monina ny zanakao hisorohana ny fihomboan'ny aretina raha vao misy amin'ireto fambaran'ny tazomoka tsotra ireto :

- mafana hoditra
- tsemboka
- marary an-doha
- manakotsako ny vanin-taolana
- misalebolebo na mandoa
- malain-komana
- mety mivalana

TOMBONTSOA

Ny zaza dia mbola marefo ara-pahasalamana ka mora andairan'ny aretina maro toy ny tazomoka. Ny fitsaboana azy mialoha sy ara-dalàna dia misoroka ny fahasaratana mety hitranga.

FANAMPIM-PANAZAVANA

Hatramin'izao dia hita fa mbola mamono olona maro eto amintsika tokoa ny tazomoka. Olona 1 ao anatin'ny 5 zahana eny amin'ny Tobim-pahasalamana dia olona voan'ny tazomoka avokoa. Ny mampalahelo dia ny zaza latsaky ny 5 taona, izay marefo kokoa ara-pahasalamana no tena mitondra faisana ka mety hiafara amin'ny fahafatesana.

Torohevitra mahaso raha mafana hoditra ny zaza :


- Tohizo hatrany ny fampinonoana.
- Ataovy manify ny akanjony, soloina ny akanjo rehefa tsemboka ary rakofana lamba raha mahatsiaro mangatsiaka.
- Petaho lamba lena ny handriny, ao ambany helika, ny foto-pe, ny tenda sy ny hatoka.
- Kopakopaho izy.
- Raha mifanintona izy dia tohano taho-tsotro ny lelany tsy ho voakaikitra ary ampandrio miorirana izy. Ento haingana any amin'ny tobim-pahasalamana.
- Araho antsakany sy andavany ny torohevitra omen'ny mpanentana ara-pahasalamana momba ny fanomezana fanafody.

Ho antsika eto Madagasikara dia azo atao tsara ny misoroka ny tazomoka satria :

- o Misy ny fomba fiarovana mahomby
- o Misy ihany koa ny fanafody vaovao mahomby sy voatokana antsoina hoe : **ACT** eny amin'ny tobim-pahasalamana
- o Eny anivon'ny fiaraha-monina dia **ACTIPAL** no iantsoana io fanafody io izay natokana ho an'ny zaza latsaky ny 5 taona hita eny amin'ny mpivaro-panafody sy ny Mpanentana ara-pahasalamana.

Raiso ho andraikitra koa ny manentana ireo rehetra voan'ny tazomoka hitsabo tena hisorohana ny fihomboan'ny aretina sy ny fifindran'ny aretina amin'ny hafa, amin'ny alalan'ny kaikitry ny moka mpamindra ny aretina.

Tandremo ! Mahafaty ny Tazomoka !



FIAROVANA NY ZAZA LATSAKY NY 5 TAONA AMIN'NY ARETINA TAZOMOKA

Ry Ray aman-dreny, ampatorio tsy tapaka isan'alina ao anaty LAY MISY FANAFODY MOKA MAHARITRA ny zaza latsaky ny 5 taona hiarovana azy amin'ny kaikitry ny moka mamindra ny tazomoka.

TOMBONTSOA

- Ny LAY MISY FANAFODY MOKA MAHARITRA dia miaro amin'ny kaikitry ny moka mpamindra ny tazomoka
- Tsy voaelingelina ny torimaso
- Ny fanafody amin'ny lay dia mamono biby kely hafa mitondra aretina toy ny parasy, hao, kongona, kadradraka
- Tsy manempotra ary tsy misy fofona ny fanafody ampiasaina amin'ny lay misy fanafody moka maharitra
- Tsy misy fiantraikany ratsy amin'ny fahasalaman'ny mpampiasa azy
- Mora ampiasaina

FANAMPIM-PANAZAVANA

Tsara ny mpianakavy raha matory ao anaty LAY MISY FANAFODY MOKA MAHARITRA isaky ny alina mba tsy ho voan'ny tazo ary tsy hamindra amin'ny zaza latsaky ny 5 taona izay marefo kokoa ara-pahasalamana.

Amin'ny alalan'ny kaikitry ny moka irery ihany no hifindran'ny tazomoka.


Ny moka mitondra tazo dia amin'ny alina ihany no manaikitra ary antony lehibe hatoriana mandrakariva ao anaty LAY MISY FANAFODY MOKA MAHARITRA izany.

Azo sasàna amin'ny savony tsotra ny LAY MISY FANAFODY MOKA MAHARITRA (in-20 misasa vao lefy ny fanafody) ary mateza (maharitra 3 ka hatramin'ny 5 taona eo ho eo).

3 000 Ariary ny vidin'ny LAY IRAY MISY FANAFODY MOKA MAHARITRA eny amin'ny Mpanentana ara-pahasalamana eny anivon'ny fiaraha-monina sy mpivarotra enta-madinika.

Ahitana LAY MISY FANAFODY MOKA MAHARITRA eny amin'ny mpivarotra enta-madinika, fivarotam-panafody, tobim-pahasalamana sy ny Mpanentana ara-pahasalamana eny amin'ny faritra ampiharana io paik'ady io.

Zarina amin'ireo zaza nahavita ny vaksiny rehetra eny amin'ny tobim-pahasalamam-panjakana any amin'ny faritra ampiharana io paik'ady io ny LAY MISY FANAFODY MOKA MAHARITRA.



ADY AMIN'NY KOHAKA NA OLANA ARA-PISEFOANA PNEMONIA®

Ry Reny, ento any amin'ny Tobim-pahasalamana avy hatrany ny zanakao raha vao miseho ny IRAY na ROA amin'ireto tranga ireto hisorohana ny fihomboan'ny aretina izay mandripaka zaza maro :

- Mihasempotra sy misefosefo haingana tsy toy ny isan'andro
- Milempona eo ambanin'ny taolan-tratra
- Tsy afaka misotro rano na minono ara-dalàna
- Misy feo hafahafa heno isaky ny mifoka rivotra ny zaza

TOMBONTSOA

Ny fanatonana Tobim-pahasalamana haingana raha vao misy ny trangan'aretina dia :

- Hahazoan'ny zaza fahasitranana haingana
- Hisorohana ny mety fahasarotan'ny aretina
- Hiverenan'ny fahasalaman'ny zaza ka hitomboany tsara

FANAMPIM-PANAZAVANA

Aretina mahafaty zaza maro isan-taona ny Pnemonia izay miseho amin'ny fomba maro samihafa toy ny kohaka, ny sery ary ny fisefosefoana. Mafy kokoa ny fitrangany raha tsy ampy sakafo na voan'ny kitrotro ny zaza.

Ny **Cotrim** dia fanafody natao ho an'ny zaza voan'ny **Pnemonia tsotra** tsy misy fahasarotana ary miampy ireto fanafody tsotra mampitonitony kohaka ireto :

- Nonon-dreny tsy misy fangarony ho an'ny zaza latsaky ny 6 volana
- Mampifangaroa ranom-boasary makirana 1 fatra, tantely 1 fatra, rano fisotro madio 1 fatra ary omeo 1 sotrokely in-3 isan'andro
- Diovny ny orona raha tsentsina

Omeo io fanafody tsotra mampitonitony kohaka io ihany koa ny zaza raha voan'ny kohaka na sery.


Hisorohana ny Pnemonia, raha vao miseho ny trangan'aretina dia :


- Araho tsara ny toro-hevitry ny mpitsabo sy ny mpanentana ara-pahasalamana nahazo fiofanana manokana momba ny aretina amin'ny fanomezana fanafody
- Tanteraho hatramin'ny farany ny fanomezana fanafody araka ny voalazan'ny mpitsabo sy ny mpanentana ara-pahasalamana nahazo fiofanana manokana momba ny aretina.

Hahasitrana haingana ny zaza dia :

- Ataovy mafana tsara izy
- Tohizo hatrany ny fampinonoana raha mbola minono ny zaza
- Omeo izay sakafo tiany izy, ataovy tsikelikely nefa matetika
- Miverèna eny amin'ny Tobim-pahasalamana raha vao misy zavatra tsy maha-mandrimandry
- Rehefa sitrana izy dia :
 - omeo sakafo fanampiny iray isan'andro mandritry ny 2 herinandro
 - ataovy miovaova ny sakafony ary omeo legioma sy voankazo betsaka

Andeha hiara hisoroka ny Pnemonia fa aretina mahafaty zaza maro isan-taona io !





RANO FISOTRO MADIO

Ry Reny, mampiasà hatrany rano madio sy azo antoka hosotroina sy hikarakarana sakafo hisorohana ny aretim-pivalanana :

- ampangotraho ny rano
na
- mampiasà Sûr'eau
na
- mampiasà fitaovana fanatantavanana
na
- mampiasà teknika SODIS : manokàna rano anaty tavoahangy plastika tsy miloko, tsy mora vaky ary apetraho amin'ny toerana azon'ny masoandro mandritry ny adiny 6.

TOMBONTSOA

- Ny fampiasana ireo fomba fanadiovana rano ireo dia miaro ny fianakaviana manontolo amin'ny aretim-pivalanana.
- Aretim-pivalanana 1 amin'ny 2 no voasoroka raha misotro rano madio hatrany.

FANAMPIM-PANAZAVANA


Aza adino fa miantoka ny fahadiovan'ny rano koa ireto manaraka ireto :




- Fitoeran-drano madio sy misarona no hanangony ny rano ho sotroina sy hikarakarana sakafo.
- Zinga na fitaovana madio sy voatokana no hanovozy ny rano ho sotroina sy hikarakarana sakafo.
- Diovy amin'ny savony indroa isan-kerinandro raha kely indrindra ny fitoeran-drano.

Antony mety hampisy otrik'aretina ny rano :

- loto manodidina ny fatsakana
- fako akaiky toerana fakana rano
- loto eny am-pitaterana rano
- loto azo mandritry ny fitehirizana

Mivatsia rano azo antoka ho sotroina rehefa hiasa eny an-tsaha hisorohana ny aretim-pivalanana.





NY FANADIOVANA

Ry Reny, Ry Mpianakavy, ho fisorohana ny aretim-pivalanana dia aza avela hiparitaka ny tay :

- mampiasà pô rehefa mampangery zaza madinika ary ario ao anaty lavapiringa ny tain'ny zaza
- mampiasà lavapiringa isaky ny hangery na hamany

TOMBONTSOA

- Miaro ny mpiara-monina amin'ny aretim-pivalanana ny fampiasana lavapiringa.
- Aretim-pivalanana 1 amin'ny 3 no voaro amin'ny fampiasana lavapiringa.

FANAMPIM-PANAZAVANA

- Raha tsy mbola misy lavapiringa dia manaova lavaka.
- Diovy ary sasao matetika ny lavapiringa mba tsy ho maimbo sy tsy ho be lalitra.
- Asio varavarana aron-kenatra sy lavaka fivoahan-drivotra ny lavapiringa ary sarony ny lavaka fivoahana.
- Manasà tànana amin'ny rano sy savony na lavenina rehefa avy ao amin'ny lavapiringa na koa manadio lavapiringa.

Tsara ny manazava amin'ny reny sy ny mpianakavy fa rehefa miparitaka ny tay dia mety :

- Ho entin'ny rano mandeha ary ho tonga eny amin'ny sakafo eny antanimboly na any amin'ny rano any anaty fatsakana
- Ho lasa any amin'ny voankazo latsaka avy eny ambony hazo ary hohanin'ny ankizy madinika
- Hohanan'ny biby fiompy izay mety hileladelaka na hilalao ny ankizy
- Ho lasa eny amin'ny kilalaon'ny ankizy eny rehetra eny ary ho lasa any ambava ny tànany rehefa avy milalao izy ireo.



NY FIDIOVANA

Ry Mpianakavy, hialàna amin'ny aretim-pivalanana, sasao amin'ny savony (na lavenona na fasika) ny tònana :

- mialohan'ny hisakafo sy hampisakafo zaza ary hikarakarana sakafo
- rehefa avy any amin'ny lavapiringa na avy nikarakara zaza nangery

TOMBONTSOA


- Miaro ny mpianakavy amin'ny aretim-pivalanana.
- Aretim-pivalanana 1 amin'ny 2 no voaro amin'ny fanasana tònana amin'ny savony.


FANAMPIM-PANAZAVANA

Atao fahazarana ny manasa ny tònana'ny zaza madinika mialoha ny hisakafoanany.

Hahamora ny fanasana tònana dia :

- Manokàna toerana fanasana tònana hahitana hatrany savony (na lavenona na fasika) sy zinga hanovozan-drano
- Mampiasà fitaovana fanangonan-drano hoenti-manasa tònana : tavoahangy, tavoara, ...





ADY AMIN'NY ARETIM-PIVALANANA

Ry Ray aman-dreny, raha mivalana ny zanakao, tohizo hatrany ny fampinonoana azy maharitra isak'izay mitady ary ampisotroy rano matetika araka izay laniny izy hanoloana ny rano very tamin'ny, toy ny :

- ODIVA
- SRO Nouvelle Formule
- ranombary
- ranon-dasopy legioma
- ranovola
- ranom-boanio
- rano fisotro madio

TOMBONTSOA

Manampy ny zaza hanolo ny rano very tamin'ny fivalanana ary hiady amin'ny tsy fahampian-drano.

FANAMPIM-PANAZAVANA

Tsy vao mainka ve mampihombo ny aretim-pivalanana ny nonon-dreny ?
Tsia, mifanohitra amin'izany. Ny nonon-dreny dia mitondra rano, sakafo mahavelona, vitamina izay manampy ny vatana hanohitra ny aretina.

Toy ny inona ny habetsaky ny rano tokony omena ny zaza mivalana ?
Omeo rano araka izay tadiaviny izy ary tokony hampitomboina mihoatra noho izay fisotrony andavanandro aza isaky ny avy mivalana izy.


Misy fanafody hafa tokony homena ny zaza mivalana ve ?
Ny **Zinc** dia manome hery manampy ny zaza hanohitra ny aretim-pivalanana sy hiaro azy tsy ho mora iverenan'ny aretina. Mangataha torohevitra amin'ny mpitsabo sy mpanentana ara-pahasalamana nahazo fiofanana. Ny **SRO** na **ODIVA** dia manampy ny zaza hiady amin'ny fahaverezan'ny rano malia. Tokony hajaina tsara ny fatra sy fe-potoana hihinanana ny fanafody.

Inona avy ny sakafo tokony homena ny zaza voan'ny aretim-pivalanana ?
Sakafo mahavelona toy ny vary, hena, trondro, legioma ary voankazo. Hatsarao ny sakafony amin'ny fanampiana menaka kely. Malain-komana ny zaza mivalana noho izany :

- o Mila faharetana ny fanomezana sakafo azy, tambatambazo izy mba hahalany ny anjara sakafony.
- o Ezaho omena ny sakafo tena tiany izy ary omeo azy tsikelikely nefa matetika izany.
- o Atao mihoatra amin'ny fihinanany isan'andro ny isan'ny sakafo.

Impiry isan'andro ny zaza avy nivalana no tokony hisakafo ?
Mila misakafo mihoatra noho ny fihinanany isan'andro izy. Izany hoe raha mihinana in-5 isan'andro izy amin'ny andavanandro dia tokony hihinana in-6 izy aorian'ny aretina.

Misy sakafo tsy azo omena ny zaza avy narary ve ?
Tsy tokony hifady sakafo na inona na inona ny zaza avy narary. Tsara ho azy avokoa ny sakafo mahavelona rehetra ka omeo izay tiany izy.




INONA ARY IZANY ?







Mipiriritra
dia ritra
dia mitsitra ?




Zaza mivalana tsy nomena rano
Valiny :

Tandremo ! Mahafaty ny aretim-pivalanana !







FAMBARA FIHOMBOAN'NY ARETINA MILA FITSABOANA MAIKA ENY AMIN'NY TOBIM-PAHASALAMANA

Ry Ray aman-dreny, ento avy hatrany eny amin'ny Tobim-pahasalamana ny zaza raha vao mitranga ny IRAY amin'ireto fambara manaraka ireto :

- misy rà ny fivalanany
- mandoa tsy an-kiato
- tsy afaka minono na misotro rano
- hatsatra
- mifanintona
- manavy ka tsy midina hafanana aorian'ny telo andro nihinanana fanafody ara-dàlana.

TOMBONTSOA


Ny fanatonana Tobim-pahasalamana raha vao misy mampiahiahy dia fomba hisorohana ny fahasarotan'ny aretina.


FANAMPIM-PANAZAVANA


Mahaiza mamantatra ny fambara loza voalaza etsy ambony !

Malaina misakafo ny zaza mivalana noho izany mila hery bebe kokoa enti-manohitra ny aretina. Noho izany :

- Omeo nono matetika araka izay azo atao izy ary avelao haharitra eo.
- Omeo sakafo malemitemy rehefa avy minono ary ezaho ny ahitana izay sakafo tiany.
- Manàna faharetana rehefa mampisakafo azy.
- Omeo sakafo fanampiny sy nohatsaraina ny zaza avy narary mba hampiverina haingana ny heriny mandritry ny 15 andro aorian'ny fahasitranany.







FAMBARA LOZA AMIN'NY ZAZA MENAVAVA


Ry Ray aman-dReny, ento haingana eny amin'ny Tobim-pahasalamana ny zanakao raha vao miseho ny IRAY amin'ireto tranga ireto mba tsy hihomboan'ny aretiny ary hahazoany fitsaboana ara-potoana :

- zara raha minono na tsy minono mihintsy
- malai-mihetsika na matoritory
- mafana loatra na mangatsiaka loatra
- misefosefo na sempotsempotra mitaraindraina
- mifanintona ny zaza
- mibontsina ny kibony, mandoa izy
- mena sy mandranoka ny foitra, maimbo, mivonto ny foto-poitra.

TOMBONTSOA

Mety mihombo vetivety ny aretin'ny zaza menavava ary mety hahafaty azy mihitsy izany.

Tsara ny ahafantarana ireo fambara loza hahafahan'ny fianakaviana manatona haingana ny Tobim-pahasalamana ka tsy hihomboan'ny aretina.



FANAMPIM-PANAZAVANA

- Ataovy fomba « trotro an-koditra » ny zaza ary ampinonoy mandritry ny fitondrana azy eny amin'ny Tobim-pahasalamana.
- Araho tsara ny toromarika omen'ny mpitsabo. Ento miverina raha tsy misy ny fihatsarana.
- Aza adinoina ny manasa tãnana mandrakariva alohan'ny hikarakarana ny zaza menavava satria mora andairan'aretina izy ireo.
- Tandrovny mandrakariva mba hadio sy ho maina tsara ny tadi-poitra. Ny fisian'ny fofona eo amin'ny tadi-poitra dia mety hitarika fahafatesana ho an'ny zaza.

